“Ny mpino matanjaka dia tsara sy tian’i Allah kokoa noho ny mpino malemy, ary ny rehetra dia tsara avokoa

Tatitra azo avy amin'i Abou Horaira (R.A), Niteny ny Irak'Allah (Ş.A.W) manao hoe : “Ny mpino matanjaka dia tsara sy tian’i Allah kokoa noho ny mpino malemy, ary ny rehetra dia tsara avokoa. Miezaha hanao izay hahasoa anao, ary mitadiava fanampiana amin’i Allah fa aza manaiky resy, ary raha misy zavatra manjo anao, dia aza miteny hoe : "Raha mba nanao izao sy izao aho". Fa lazao hoe : “Lahatr’i Allah ary izay sitrapony no ataony.” Eny tokoa fa ny teny “raha” dia manokatra ny asan’i Satana".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny mpino dia tsara daholo, fa ny mpino izay matanjaka amin'ny finoany, ny fahavononana, ny harenany ary ny lafiny hafa amin'ny hery, dia tsara kokoa sy tian'i Allah Ilay Tsitoha noho ny mpino malemy. Avy eo dia nanoro hevitra ny mpino ny Mpaminany (S.A.W) mba hiezaka hanao izay mahasoa azy amin’ny raharahan'ny fiainana eto an-tany sy ny any ankoatra, sady miantehitra amin’i Allah Tsitoha, mitady ny fanampiany ary matoky Azy. Avy eo, ny Mpaminany (S.A.W) nandrara ny amin'ny tsy fahavitana sy ny hakamoana ary ny vesatra amin'ny fanaovana izay mahasoa amin'ny tontolo roa. Raha miezaka miasa ny mpino, miomana amin'izay ataony, mitady fanampiana amin’I Allah, ary mangataka hatsarana amin’i Allah, aorian'izany rehetra izany dia nahavita ny tokony ho ataony izy, afa-tsy ny manakina ny raharahany rehetra amin’i Allah, ary aoka izy hahafantatra fa ny safidin’i Allah Tsitoha no tsara. Raha misy loza manjo azy aorian'izany dia tsy hiteny izy hoe : “Raha mba nanao izao aho mety ho lasa an'izao sy izao aho”; “Fa ny teny (raha) manokatra ny asan’ny Satana” amin’ny fanoherana ny lahatra sy ny fanenenana amin'izay efa lasa, fa aoka kosa hiteny am-panekena sy am-pifaliana hoe : “Allah efa nandahatra ary izay tiany no nataony”. Fa izay nitranga dia araka izay tian'i Allah satria manao izay tiany, ary tsy misy afaka manoatra ny didiny, ary tsy misy manaraka aorian'ny itsarany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5493